





# FITSIPI-PITONDRAN-TENA

MANDRAY ANDRAIKITRA

MITOLONA na MIADY

MANAJA

MITANTANA

# FITSIPI-PITONDRAN-TENA

# TENIN’NY FILOHA

70 taona mahery lasa izay no nanana faniriana hanangana zavatra ny tompon’ny Vondrona dia Andriamatoa Pierre CASTEL. Ny Vondrona dia niainga tamin'ny fomban-drazana sy soatoavina matanjaka mba ahafahany mampivelatra ny asany manerana an'izao tontolo izao. Naniry hatrany ny hifikitra amin'ny tontolo anatiny ary hikatsaka ny kalitao tsara indrindra ho an'ny mpanjifany.



Amin'izao fotoana izao dia miasa amin'ny firenena am-polony maro, amin'ny resaka famokarana divay, labiera, zava-pisotro misy « gaz », rano ary vokatra avy amin'ny fambolena. Ny Vondrona dia mampiray ny mpiasany mba hiantoka ny faharetan'ny asany.

Mahafantatra ny anjara andraikiny sy ny fiantraikany ary ny adidiny izy ireo, ka miara-manorina ny hoaviny amin'ny fametrahana ny fototry ny fitohizan'izany, ary resy lahatra fa ny tsy fivadihana no fanalahidin'ny fahombiazana.

Ny Fitsipi-pitondran-tena dia mirakitra ireo fitsipika izay napetrakain’ny Vondrona sy ny mpiasa ao aminy hohajaina mba hampaharitra ny fivoarany sy ny an'ny mpiara-miombon'antoka aminy, miaraka amin'ny fahaiza-manaony sy ny fahaiza-manao mitovy amin'izay napetraky ny lovany.

**GREGORY CLERC**
Filoha Tale Jeneraly

# FITSIPI-PITONDRAN -TENA

## FAMPIDIRANA

Ny tanjon'ity Fitsipi-pitondran-tena ity dia **ny hampita amin'ny mpiasa rehetra ao amin'ny orinasa DF Holding SA sy ireo sampana isan-tokony ao anatiny ny fitsipi-pitondran-tena tokony harahina eo amin'ny tontolon'ny asa** mba hahafahan'izy ireo mandray anjara isan'andro amin'ny fanajana azy any amin'ireo firenena rehetra iasan'ny Vondrona.

Ny Fitsipi-pitondran-tena dia mitanisa **ny fitsipika tsy maintsy hajaina** ary mampiseho ireo tranga maromaro izay mety atrehin'ny mpiasa ao amin'ny Vondrona, saingy tsy afaka mandrakotra azy izany rehetra izany.
**Ny fanombanana ny toe-javatra sy ny fahaiza-manavaka** ataon'ny Mpiasa tsirairay dia tsy maintsy ampiharina amin'ny fampiharana ny asa aman-draharahany mifanaraka amin'ny fitsipika voalaza ao anatin'ity.

# FAMINTINANA

TENIN'NY FILOHA TALE JENERALY 3
FAMPIDIRANA 5

I MANDRAY ANDRAIKITRA 8

1 TAMBAJOTRA ETIKA: MISY TOMPON'ANTOKA AMIN'NY AMBARATONGA REHETRA 10
2 FANAJANA NY FITSIPI-PITONDRANTENA AVY AMIN'NY MPIASAN'NY VONDRONA 12

II MITOLONA na MIADY 14

3 MIADY AMIN'NY KOLIKOLY SY NY FANARARAOTAM-PAHEFANA 16
4 MIADY AMIN'NY HOSOKA 18
5 MIADY AMIN'NY FAMATSIAMBOLAN'NY FAMPIHOROHOROANA 20
6 MIADY AMIN'NY FAMOTSIAMBOLA 22

III MANAJA 24

7 MANAJA NY TSIAMBARATELO, NY FIAROVANA NY RAFITRA FAMPAHALALANA ARY NY FIAROVANA NY MOMBAMOMBA NY OLONA TSIRAIRAY 26
8 MANAJA NY SAZY IRAISAM-PIRENENA SY NY FANARAHA-MASO NY FANONDRANANA 28
9 MANAJA NY LALANA MOMBA NY FIFANINANANA 30
10 MANAJA NY MPIARA-MIASA AMIN'NY VONDRONA 32
11 MANAJA NY TAHAN'NY FISOTROANA NY ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLAA 34


IV MITANTANA 36

12 MITANTANA NY FANDRAISANA FANOMEZANA SY NY FANASANA 38
13 MITANTANA NY FIFANOHERAN-TOMBONTSOA 40
14 MITANTANA NY HETSIKA "MECENAT" 42
15 ITANTANA NY ANDRAIKITR'IREO MPIARA-MIOMBON'ANTOKA ARA-BAROTRA 44

FITAOVANA FANAIRANA 46

FAMARITANA 48


# NY FANOLORAN-TENA DIA FANAIRANA!



## ALAIVO SARY NY KAODY

Mitatitra ary mitazona ho **TSIAMBARATELO** izay fihetsika mandika ny fitsipi-pitondran-tena, ny fomba fiasa anatiny na ny lalàna.

# I MANDRAY ANDRAIKITRA







# Mba hameloman'aina ny Fitsipi-pitondrantenantsika sy hanampiana ny mpiara-miasa amintsika hametraka sy hampihatra izany, dia manana **Tambajotra Etika isika.**



**Ao anatin'ny Vondrona, dia misy tambajotran'ny Tompon'antoka Etika sy Komity Etika natsangana nandritra ny taona maro ary nandalo ny ambaratonga rehetra ao anatin'ny rafitra mba hiantohana ny fanaraha-maso ny fanoloran-tenantsika tsirairay ary miantoka ny fampiharana ny Fitsipi-pitondran-tena sy ny programa momba ny etika sy ny fanarahan-dalàna.**

**Raha tojo** toe-javatra mampidi-doza ny iray amin'ireo mpiara-miasa amintsika na raha misy fisalasalana momba ny fihetsika tokony hatao, dia tsy maintsy mametraka fanontaniana izy ary mitatitra izany amin'ny mpikambana ao amin'ny Tambajotran'ny Etika izay hanampy azy hamaritra ny drafitra tokony harahina.

**Afaka mifandray amin'ny mpikambana ao amin'ny Tambajotran'ny Etika ihany koa izy raha** te hitatitra ny fitondran-tena mifanohitra amin'ny Fitsipi-pitondrantena na ny rafitra mifandraika amin'izany.

**Ny sampana tsirairay dia mampahafantatra ao amin'ny toerana misy azy ny mombamomban'ny Solontenan'ny Tompon'Antoka Etika** na ny mpikambana ao amin'ny Komitin'ny Etika. Tsy maintsy aparitaka ihany koa ny fomba hahafahana mifandray amin'izy ireo.

## NY TOMPON'ANTOKA ETIKA NA IREO MPIKAMBANA SAMIHAFA AO AMIN'NY KOMITY DIA TSY MAINTSY MANAMAFY NY FITAZONANA HO TSIAMBARATELO IREO REHETRA VOALAZA AO ANATIN'NY ANDRAIKITRA SAHANINY.

FANAIRANA !

**Alaivo sary ny kaody QR hidirana amin'ny rafitra fanairana**

https://groupe-castel.whispli.com/ethique-conformite





**TAMBAJOTRA ETIKA**
MISYTOMPON'ANTOKA AMIN'NY AMBARATONGA REHETRA

1

## KOMITY ETIKA **VONDRONA**

## KOMITY ETIKA **"POLE"**



CASTEL AFRIKA



CASTEL DIVAY



SOMDIA

## TAMBAZOTRA ETIKA ANATINY

MANDRAY ANDRAIKITRA

# Amin'ny maha mpiara-miasa, **isika tsirairay avy dia tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny asa ao anatin'ny fahamendrehana sy ho fanajana ny lazan'ny Vondrona.**

**Ny mpiara-miasa amintsika rehetra, na inona andraikitrany sahaniny na firy taona niasana tao amin'ny orinasa, dia tsy maintsy mamaky ny Fitsipi-pitondran-tena ary miantoka ny fampiharana azy amin'ny tokony ho izy.**

**Ny fitsipi-pitondran-tena no mandrafitra ny tahirin-kevitra sy ny programa etika sy ny fanarahan-dalàna.**
Miaraka amin'ny politika sy ny fomba fiasa izany, izay tsy maintsy mihatra amin'ny mpiara-miasa rehetra.
Ireo antontan-taratasy ireo miara-dia manome ny rafitra Etika sy ny Fanarahan-dalàna.
Ireo antontan-taratasy ireo no hahafahan'ny mpiasa mamaly amim-pahombiazana ny toe-javatra mety ho tojo azy mandritra ny asany.
Ny tsirairay dia manana andraikitra mampiroborobo ny fitsipika apetraka amin'ny alalan'ity Fitsipi-pitondran-tena ity sy ny etika sy ny fanarahan-dalàna mba hisorohana ny loza, ary amin'ny fijanonana tsy hamporisika ny tenany na ny ekipany hahazo vokatra mifanohitra amin'ireo fitsipika ireo.




TANDREMO

Ny tsy fanarahana ireo fitsipika ireo dia mampiharihary ny mpiasa voakasika amin'ny **fepetra famaizana ho raisina amin'izy ireo ary mety ho tonga hatrany amin'ny fandroahana na fampitsaharana ny fifanarahana,** araka ny fepetra manan-kery, ary koa ny fitsipika anatiny ao amin'ny orinasa izay iasany. rehefa misy izany. Izany koa dia mety hahatonga ireo mpiara-miasa ireo ho enjehina amin'ny ady madio sy ady heloka.

## NY FITSIPI-PITONDRAN-TENA DIA NATAO HO HAMPAHAFANTARINA AMIN'IREO MPIARA-MIOMBON'ANTOKA AMINTSIKA MBA AHAFAHAN'IREO MAHALALA NY ENDRIKA FAHAMENDREHANA ETO AMIN'NY ORINASA.

NY VONDRONA DIA MANOME LANJA MANOKANA NY SOATOAVINA IZAY MITOVY DAHOLO HO AN'NY ROHIM-PAMOKARANA REHETRA.



FANDRAISANA ANDRAIKITRA

# FANAJAN'NY MPIARA-MIASAN'NY VONDRONA NY FITSIPI-PITONDRAN-TENA 2

Andraikintsika ny mahafantatra ny fitsipi-pitondran-tena sy ny manaja ireo fitsipika raketiny.

OHATRA

***Manoloana ny tranga mety hampidi-doza:***

- Jereo ireo tompon'andraikitra ara-etika
  Ny fitsipi-pitondrantena
  Ny Politika sy ny fomba fiasa;
- Resahiko ny lehibeko.

## FAMPIHARANA TSARA

Manontany tena tsara aho:

- **TSY MANDEHA ARAKA NY TOKONY HO IZY NA TSY MANARA-DALÀNA VE ITY TRANGA ITY ?**
- **MANARAKA IREO POLITIKA ANATIN'NY VONDRONA VE ITY TRANGA ITY ?**
- **AFAKA HAMPAHAFANTARANA NY BE SY NY MARO ARY TSY MANELINGELINA AHY VE ITY TRANGA ITY ?**
- **TSY MANOHITOHINA NY LAZAKO SY NY AN'NY VONDRONA VE ITY TRANGA ITY ?**



**Aza mijanona irery manoloana ny tranga mety hampidi-doza !**

FANAIRANA

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika** na mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.






# II MIADY NA MITOLONA





# Tsy misy mpiara-miasa na dia iray **aza afaka manatanteraka na manaiky fihetsika azo raisina ho toy ny kolikoly na fanararaotam-pahefana.**


## ASA KOLIKOLY

dia ny fandoavana, fanolorana, fanomezana na fampanantenana, mivantana na ankolaka, vola, na inona na inona sandany na tombontsoa hafa ho an'ny olona iray ka manatanteraka na miala amin'ny fihetsika na fanapahan-kevitra iray. Raha misy ny fanaovana kolikoly, dia tompon'andraikitra ireo nanao izany, ny mpanao sy ny nandray kolikoly. Tsy misy idiran'ny ambaratongan' andraikitra ny fandraisana anjara amin'ity fifanarahana ity.

Ny fandraisana mivantana na ankolaka vola, na entana sarobidy na tombontsoa hafa rehetra izay miteraka fiantraikany amin'ny asany na ny fanapahan-kevitra raisiny ao anatin'ny rafitry ny asany ao anatin'ny Vondrona ihany koa dia midika ho fanaovana kolikoly ho an'ny mpiasa.

## FANDOAVAMBOLA AMORAINA

Fomba fanao amin'ny kolikoly izy io, ary midika fanomezana vola na zavatra hafa amin'ny mpiasam-panjakana na olon-kafa amin'ny rafitra ara-panjakana, ary ny tanjona dia hahazoana na hanamora ny fanatanterahana asa ara-panjakana izay tokony ho zon'ny orinasa.



## FIHETSIKA FANARARAOTAM-PAHEFANA

dia fitondrantena mitovy amin'ny kolikoly, saingy hidiran'olona telo:

(1) ny mpandray tombony amin'ny fanapahan-kevitra, izay manome tombontsoa na fanomezana ho an'ny
(2) olona hafa, izay manararaotra na nanararaotra nohon'ny toerana misy azy mba hahazoana
(3) avy amin'ny manam-pahefana ao amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana, asa, na tsena na izay fanapahan-kevitra tsara hafa.

## NY FANGATAHANA TSOTRA NA FANAOVANA TOLOTRA DIA EFA MIENDRIKA KOLIKOLY



MIADY NA MITOLONA

# MIADY **AMIN'NY KOLIKOLY** SY NY FANARARAOTAM-PAHEFANA

3

**Mampihatra ny politika tsy misy fandeferana amin'ny endrika kolikoly na fanararaotam-pahefana amin'ny endriny rehetra izahay.**

### OHATRA

***TOMBONY DISO TAFAHOATRA MIENDRIKA KOLIKOLY:***

- Manolotra taratasim-pifidianana ho an'ny mpiasam-panjakana iray **hahazoana fanapahan-kevitra tsara.**
- Misafidy mpamatsy iray ao anatin'ny fiantsoana tolo-bidy **ho takalon'ny dia.**
- Omena fiofanana ny zanakavavin'ny mpitsara mba **hanajanonana ny fanenjehana eny amin'ny fitsarana.**

## FOMBA TSARA

- **MANDA FANDOAVAM-BOLA TAKALON'NY** asa ao anatin'ny andraikitro raha tsy voamarina na voasoratra ao amin'ny kaonty.
- **TSY MANOLOTRA VOLA,** na fanomezana na tombontsoa hafa tsy mendrika aho mba hampisy fiantraikany amin'ny fihetsiky ny olon-kafa.
- **TSY MANAIKY VOLA, NA FANOMEZANA NA TOMBONY** tsy ara-drariny hafa aho mba mba hampiova ny fihetsik'olon-kafa na ny ahy.



### FANAIRANA

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika** na mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.

**Manimba ny fahatokisana** sy manohintohina ny fitohizan'ny asantsika ny hosoka. Manolo-tena amin'ny fomba rehetra hiadiana amin'ny hosoka amin'ny alalan'ny **rafitra fanaraha-maso mifanaraka amin'ny loza mety hitranga isika.**



**Ny hosoka dia fihetsika na fanadinoina niniana natao hamitahana ny hafa, ary miteraka fatiantoka ho an'ny niharam-boina sy/na tombontsoa mivantana na ankolaka ho an'ny mpanao azy.**

**AFAKA MANANA ENDRIKA SAMIHAFA, TOY NY:**

Fanambarana diso (fanaovana hosoka amin'ny tatitra, tatitra momba ny fandaniana tsy marina, sns.);

Ny fanodinkodinana ny vola, ny fananana ary ny fampahalalana (fandoavana tsy misy antony, faktiora sandoka na mihoatra ny vidiny, fampiasana vola tsy voambara, sns.);

Ny fanodinkodinana na fangalarana ny fananan'ny orinasa;

Ny fihodinana ny fenitry ny kaonty na ny fomba fanaraha-maso anatiny (fandoavana sy fanamarinana ny fandoavam-bola mitovy amin'ny olona iray, sns.);

Ny fametrahana teti-dratsy na tetika hanararaotra tsy ara-drariny amin'ny toe-javatra iray izay manimba ny orinasa.

**TANDREMO**

**Ny hosoka dia matetika atao amin'ny alalan'ny fanodinkodinana, toy ny:**
- **Fampiasana ny fenitra ara-bola,**
- **Fandikana na fanitsakitsahana ny politika na ny fomba fiasa anatiny,**
- **Ny tsy fanajana ny rafitra fanaraha-maso anatiny.**



MIADY NA MITOLONA

## MIADY AMIN'NY **HOSOKA**

# 4

**OHATRA**

Nisy mpiasan'ny Vondrona iray nilaza tamiko fa nahazo faktiora avy amin'ny mpamatsy iray izay maniry ny handoavana izany, manolotra ahy ny laharan'ny kaontin'ny orinasa iray tsy mitovy anarana. Nilaza tamiko izy fa tsy hiteraka olana izany, satria orinasa mifandray ilay orinasa roa. Nambarany ihany koa fa fombafomba fotsiny izany, tsy eo rahateo ny tale ara-bola.

**Mila manaiky an'io fandoavam-bola io ve aho?**

**TSIA**

- Laviko ny manampy an'io mpiara-miasa io ary mandà ny fangatahany fandoavam-bola amin'ny laharan'ny kaonty tsy mahazatra;
- Lazaiko amin'ity mpiara-miasa ity fa mifanohitra amin'ny fitsipi-pitondran-tena ny fitondran-tenany;
- Mampandre ny Tompon'antoka etika momba ny zava-misy aho.

**Na izany na tsy izany dia manaja ny fizotran'ny fanamarinana amin'ny fandoavana faktiora aho.**

## FOMBA FANAO TSARA

**MAKA ANTOKA FA NY FANDOAVAM-BOLA SY NY FANANANAO DIA VOAARO TSARA.**

**ATAOKO ANY AMIN'NY ARSIVA NY ANTONTA-TARATASY REHETRA** ahafahana manamarina ny soratra ao anatin'ny boky fitantanam-bola.

**VALIAKO AMIN'NY HITSI-PO** ireo rafitra mpanara-maso anatiny sy ivelany.

**TSY MAKA NY ANDRAIKITRY NY MPIARA-MIASA HAFA AMIN'NY VONDRONA,** ary maka antoka aho fa voahaja ny ambaratonga samihafa amin'ny fanaraha-maso ny asa.




**FANAIRANA**

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika** na mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.

# Manaiky ny fanirian'ny Fanjakana sy ny fikambanana iraisam-pirenena izahay mba **hisorohana ny herisetra manohintohina ny fandriampahalemana sy ny fiarovana.**

**Ny famatsiam-bola ho an'ny fampihorohoroana dia ny famatsiam-bola mivantana na ankolaka avy amin'ny fikambanana mpampihorohoro amin'ny alalan'ny fanomezana vola, fitaovana na amin'ny fanolorana torohevitra sy tolotra.**

## AHOANA NO HIAROVANA NY TENA?

Mba hisorohana ny fisehoan-javatra toy izany dia ilaina ny **mahafantatra tsara ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra,** indrindra amin'ny fanatanterahana ny famotorana momba ny fikarohana sy fanamarinana na "Due Diligence".

Raha miharatsy ny toe-draharaham-pilaminana ao amin'ny faritra misy anao na misy fifandirana, dia tokony **ho farak'izay mailo,** indrindra amin'ny fifandraisantsika amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra.

**Ny toe-draharaha ara-barotra** dia tsy maintsy manaja ny paikady ankapobeny ary tsy miova, na inona na inona fivoaran'ny toe-javatra eo an-toerana.



## MIADY MAFY AMIN'NY HELOKA ARA-EKONOMIKA SY NY HELOKA ARA-BOLA ISIKA ARY HANAO IZAY HERY REHETRA MBA HISOROHANA NY FAMATSIAM-BOLA NY FAMPIHOROHOROANA.





# ADY AMIN'NY **FAMATSIAM-BOLA MOMBA NY FAMPIHOROHOROANA** 5

## OHATRA

Nisy sakana napetraky ny antokon'olona mitam-piadiana eny amin'ny lalana lehibe izay tsy mamela ny fiara handalo raha tsy misy fandoavam-bola.

***INONA NO TOKONY HATAOKO?***

Miala amin'io lalana io aho ary mampandre avy hatrany ny Komitin'ny Etika ao an-toerana sy ny mpitantana ny filaminana momba ity toe-javatra ity.

**Tokony halavirina ny fifandraisana rehetra amin'ny vondrona mitam-piadiana, eny fa na dia tongatonga ho azy aza.**

## FOMBA FANAO TSARA

- **MANATANTERAKA FIKAROHANA SY FANAMARINANA** raha toa ka fantatra ny loza mety hitranga.
- **MAMPAHAFANTATRA NY VONDRONA NY OLANA EO AMIN'NY LAFINY FILAMINANA** sy ny mety ho fivoarany isan'andro.
- **MANAJA NY FITSIPIKA ANATINY MIFANDRAY AMIN'NY FIAROVANA.**
- **MAMPANDRE NY TOMPON'ANTOKA ETIKA** raha misy ahiahiana ho nanao asa miaro heloka bevava nataon'ny iray amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra aminay.




## FANAIRANA

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika** na mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.

# Lavinay ny fanaovana anay ho fitaovana **amin'ny famotsiam-bola** ary toherinay izay fihetsika mety hitondra anjara biriky amin'izany.


**Ny famotsiam-bola dia mikasika ny fanafenana ny fiavian'ny vola amin'ny hetsika tsy manara-dalàna mba hampidirana io vola "maloto" io amin'ny toekarena ara-dalàna. Ny tanjona dia ny hampiseho fa manana endrika ara-dalàna ireo vola ireo.**

### INONA NO LOZA METY HITRANGA HO ANTSIKA?

Miseho ny mety hisian'ny famotsiam-bola rehefa tsy afaka mamantatra ny niandohan'ny vola naloa tamintsika isika ao anatin'ny sehatry ny fifandraisana ara-barotra.

### TOE-JAVATRA MITAKY FAHAMAILONA

Ny mpiasa rehetra dia mila mailo sy hentitra amin'ny fanajana ny fomba fiasa anatiny, indrindra ny fitantanam-bola sy ny mpiara-miombon'antoka.
Ny fampiasana ny vola dia tokony ho voafetra mba ahafahana mamantatra ny 'niavin'ny vola.



## NY FAHALALANA IREO MPIARA-MIOMBON'ANTOKA ARA-BAROTRA AMIN'NY ORINASA NO FANALAHIDY HISOROHANA NY FAMOTSIAM-BOLA!



MIADY NA MITOLONA

## ADY **AMIN'NY FAMOTSIAM-BOLA** 6

### OHATRA

Ny mpanjifa dia maniry handoa vola mivantana noho ny fahasahiranana mahazo anazy amin'ny fitantanam-bola, na dia nandoa tamin'ny alalan'ny "virement" foana aza izy.

***INONA NO TOKONY HATAOKO?***

Na dia tsy voarara aza ny fandoavana vola mivantana dia tsy maintsy manana fahamailona manokana, indrindra raha be dia be ny vola voakasika.
Ny fikarohana sy fanamarinana dia ahafahana manadihady ny loza mety hitranga mifandray amin'ireo mpiaramiombon'antoka ara-barotra, izay azo hahena amin'ny alàlan'ny fandoavam-bola eny amin'ny fandraisam-bola eny amin'ny banky.

**Raha misy fisalasalana amin'ny fiavian'ny vola dia tsy azo ekena ny fandoavana vola amin'ny alalan'ny vola raisi-tanana.**



## FOMBA FANAO TSARA


- **MANATANTERAKA FIKAROHANA SY FANAMARINANA MOMBA NY FAHAZOTOANA** amin'ireo mpanjifa izay mety hahitana loza mety hitranga.
- **MISAFIDY MANOKANA NY FANDOAVAM-BOLA TSY MIKIRAKIRA VOLA ARA-PITAOVANA.**
- **MISAFIDY NY BANKY EFA MPIARA-MIASA.**
- **MANAO FANADIHADIANA NY LOZA METY HITRANGA** alohan'ny hanekena ny fandoavam-bola amin'ny alalan'ny **"KRYPTOMANIA"**
- **MANAO FANAIRANA AMIN'NY TOMPON'ANTOKA ETIKA** raha misy ahiahy amin'ny fihetsika tsy ara-dalàna ataon'ny iray amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra.

### FANAIRANA

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika** na mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.


HAJAO
NY FITSIPIKA MOMBA
NY FITONDRAN-TENA
IZAY MIANTOKA NY FAHAMARINAN'NY MPIASA SY NY VONDRONA.
VAVOLOMBELONA NA NIHARANY?
TANTERO IZANY!
ALAIVO SARY NY KAODY
Tatero ao anatin'ny TSIAMBARATELO izay fihetsika mandika ny fitsipi-pitondran-tena, na koa ny fomba fiasa anatiny na ny lalàna.





# III MANAJA



# Isika rehetra dia manolo-tena hiantoka ny fisian'**ny tsiambaratelo ary ny fahamarinan'ny** rafitra fampahalalana ao anatin'ny fanajana ny didy aman-dalàna mifandraika amin'ny fiarovana ny **momba antsika manokana.**

**Ny mpiasa ao amin'ny Vondrona rehetra dia tompon'andraikitra amin'ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny rafitra fampahalalam-baovao omena azy ireo eo amin'ny sehatry ny asa aman-draharahany sy izay rehetra nampiasaina tamin'izany.**

**Mba ahazoana antoka fa ny vaovao mikasika antsika dia:**
- **dia ampiasaina** ho an'ny antony nanangona azy na ho an'ny tanjona ara-drariny.
- **tsy zaraina** amin'ny antokon'olona hafa, na inona na inona antony, raha tsy hoe hiantohan'ireo antokon'olona hafa ireo ny tsiambaratelo.
- **marina sy feno** ary tsy novaina tamin'ny fomba tsy nahazoana alalana.
- **mora hita** sy azo ampiasaina rehefa ilaina ho an'ireo olona nahazo alalana.

**Omen-danja manokana ny momba antsika** izay mety mifandraika amin'ny olona fantatra fantatra mivantana na ankolaka. Ny fikarakarana sy fitehirizana azy ireo dia tsy maintsy mifanaraka amin' ny lalàna manan-kery. Raha misy ny sata mifehin'ny informatika ao amin'ny orinasa, ny mpiasa tsirairay dia tsy maintsy manaraka izany araka ny tokony ho izy.

## TOE-JAVATRA METY HAMPIAHIAHY

**Rehefa manana fifandraisana tsara** amin'ny olon-kafa ianao, dia mety hirona hanome vaovao momba ny asanao, ka hampahalala azy ireo tsiambaratelo.

**Raha ao amin'ny andraikitrao ao anatin'ny Vondrona ny mikirakira angon-drakitra manokana maro,** na an'ny mpiasa hafa na antokon'olona hafa ao amin'ny Vondrona.

**Rehefa mitana toerana lehibe ao amin'ny orinasa ianao,** dia mety hitarika ny antokon'olona hafa hanandrana hisoloky ny mombamomba anao, ohatra, hanamarina ny faktiora tsy nahazo fankatoavana avy aminao.

## NY TENY MIAFINA NOMENA MBA AHAFAHANA MIDITRA AMIN'NY RAFITRA FAMPAHALALANA NY ORINASA DIA NATAO HO AN'OLONA TOKANA ARY TSY ATAO AMIN'NY FAMPIANARANA ARY TSY AZO AMIDY, NA OMENA, NA ZARAINA.



MANAJA

# HAJAO NY TSIAMBARATELO, NY FIAROVANA NY RAFITRA FAMPAHAFANTARANA ARY NY FIAROVANA NY MOMBAMOMBA NY OLONA MANOKANA

7

Isika rehetra dia tompon'andraikitra amin'ny fiarovana ny rafi-baovao. Tsy maintsy hentitra ny fanajantsika ny fenitra napetraka mba hiantohana ny fiarovana ny rafitra misy antsika sy ny fitaovam-piasantsika.

### OHATRA

*Vao nahazo mailaka izaho nefa tsy fantatro ny nandefa azy. Io mailaka io dia mamporisika ahy hanindry rohy.*

***INONA NO TOKONY HATAOKO?***


***TSIA***

Raha manindry ny rohy ianao dia mety hisy "virus" hipetraka ao amin'ny solosainao, izay mety hisy fiantraikany amin'ny rafi-baovaonao manontolo.

- **Mampandre ny sampana miaro ny informatika aho**
- **Ampahafantariko ny ekipa informatika ilay mailaka**

## FOMBA FANAO TSARA

- **MAILO IZAHO REHEFA MANDRAY MAILAKA** avy amin'ny mpandefa tsy fantatro na toa mampiahiahy ahy ny votoatiny.
- **TSY MAMPAHAFANTATRA ZAVATRA** saropady mifandraika amin'ny asan'ny Vondrona amin'ny olon-kafa aho.
- **TSY ZARAIKO NA OVIANA NA OVIANA NY MOMBAMOMBA AHY** ara-informatika ary manova matetika ny teny miafina aho.




### FANAIRANA

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika na** mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.

MANAJA


Vonona izahay **hanaja ny sazy rehetra** hampiharin' ny Fanjakana sy ny fikambanana iraisam-pirenena.

**Ny sazy iraisam-pirenena dia mifanandrify amin'izay fepetra na fitaovana rametra ny fivezivezen'ny vola, ny fifanakalozana ara-barotra ary ny fifandraisana amin'ny olona, orinasa, ary/na tany sasany ary/na mifandraika amin'ny entana, asa na fanampiana sasany, tantanin'ny manampahefana ara-dalàna eo amin'ny sehatra mifandraika amin'izany.**

### AHOANA NO ATAO MBA HAMPANAJANA IREO TSY MAINTSY ATAO ?

Ny famakafakana ny zava-misy sy ny zavatra ataontsika no ahafantarana ireo faneriterena apetraka.

Ny fahafantarana ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra dia ahafahana koa mahalala raha azo atao ny varotra na ny fifanankalozana amin'izy ireo.



**AMIN'NY FIFANDRAISANA NA AMIN'NY RAHARAHAM-BAROTRA AMIN'NY ANKAPOBENY, NY FANDOAVAM-BOLA NA NY FANDRAISANA VOLA AMIN'NY VOLA VAHINY ARY INDRINDRA AMIN'NY € NA $ DIA TOKONY TEBOKA ARAHI-MASO MANOKANA.**



MANAJA

## NY SAZY IRAISAM-PIRENENA SY NY FANARAHA-MASO NY FANONDRANANA

8

OHATRA

*Ny mpanjifa voasoratra anarana any amin'ny firenena voasazy dia maniry ny hiara-hiasa aminay sy hanafatra ny vokatray.*


***AZO ATAO VE NY MIARA-MIASA AMINY?***

***ENY SAINGY...***

Alohan'ny hiarahana miasa aminy dia ilaina ny manamarina raha mihatra amin'ny sehatry ny asany ny sazy mihatra amin'ny fireneny.

## FOMBA FANAO TSARA

- **MAKA ANTOKA AMIN'NY FIAVIANA NA NY HANDEHANAN'NY VOKATRA NA NY VOLA** azoko na omeko.
- **MAMPIDITRA AO ANATIN'NY FIFANARAHANA NY FIFANEKENA AHAFAHANA** miaro ny amin'ny mety ho lesoka eo amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra amin'ny fitsipika momba ny sazy iraisam-pirenena sy ny fanaraha-maso ny fanondranana.



FANAIRANA

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika na** mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.

MANAJA

Resy lahatra izahay **fa ny fifaninanana malalaka dia manampy amin'ny tanjaka ara-toekarenan'ireo firenena** iasanay ary manampy amin'ny ady amin'ny fomba fanao manimba ny mpanjifanay. Izany no mahatonga **anay hanolo-tena hanaja ny foto-keviny.**

### FANAMAFISANA NY VIDIN'NY FIVAROTANA

Ny vidin'ny fivarotana ny vokatray dia soso-kevitra atolotra ho an'ny mpanjifanay, saingy tsy misy an-tery. Amin'ny maha-mpiantsehatra ara-toekarena mahaleo tena azy, ireo mpaninjara anay dia manana fahalalahana hametraka ny vidin'ny fivarotana, raha tsy hoe misy lalàna manan-kery hafa.

### NY FIFANARAHANA TSY ARA-DALÀNA

Tsy ara-dalàna ny fifanarahan'ireo orinasa maro izay miara-miasa avy amin'ny fahapahan-kevitra iraisana izay minia mandiso ny fifaninana malalaka.
Ohatra, ny fanaovana fifanarahana amin'ny mpifaninana iray mba hampifanaraka vidin'entana dia voarara satria efa fifanarahana.

### FANARARAOTANA NY TOERANA HANANANA TANJAKA

Ny fanakanana ny mpifaninana tsy hivoatra na hiditra amin'ny tsena, na hanilihana azy amin'izany mihitsy aza, dia fanararaotana ny toerana hananana tanjaka ary voarara izany.





MANAJA

# HAJAO **NY LALÀNA MIFEHY NY FIFANINANANA**

9

OHATRA

Ny mpifaninana dia maniry ny hifanakalo vaovao mifandraika amin'ny paikady ara-barotra.

***INONA NO TOKONY HATAOKO?***


Tokony laviko izany fangatahana izany. Ny zava-misy tsotra hifanakalozana tsiambaratelo toy izany dia efa fomba fanao manohitra ny fifaninanana.


***TANDREMO !***

**Ny fifanakalozana amin'ireo mpifaninana amintsika dia tokony hanamafy ny fahamailona mba hisorohana ny ahiahy amin'ny fifanarahana.**

## FOMBA FANAO TSARA

- Mba hialana amin'ny fiheverana fa nisy fifanarahana tsy ara-dalàna niforona, dia **IALAKO NY FIHAONANA AMIN'NY MPIFANINANA TSY MISY ANTONY ARA-DALANA.**
- **MANIPY HEVITRA AMIN'NY VIDIN'NY FIVAROTANA** ho an'ny mpanjifa aho ary tsy manery izany.
- **IALAKO NY FIHAONANA AMIN'NY MPIFANINANA** ivelan'ny sehatry ny asa mandritra ny vanim-potoana mampanahy.






FANAIRANA

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika na** mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.

Fanirinay ny handray anjara amin'ny fametrahana tontolo izay **ahatsapan'ny mpiasanay fa omena ny hajany izy ireo, voaaro ary manana fahalalahana ny hahomby.** Tsy leferinay ny herisetra, ny fampijaliana na ny fanorisorenana.

**Andraikitry ny Mpiasa tsirairay ny mitsinjo, arakaraka ny fanofanana sy ny fahafahan'izy ireo, ny fahasalamany sy ny fiarovana azy ary koa ny an'ny mpiasa hafa sy ny any ivelany izay mifanerasera amin'ny toerana an'ny Vondrona. Indrindra indrindra, tsy ekena ary saziana amin'ny fomba hentitra indrindra ireto fihetsika manaraka ireto:**




### FANARARAOTANA ARA-NOFO

dia ny faneriterena amin'ny olona iray amin'ny alalan'ny fiteny na fihetsika miendrika ara-nofo, izay manohitohina ny haja amam-boninahitra noho ny antony manivaiva na manambany, na manome hendrika mitondra tahotra sy fanafintohinana ho azy.

### FANARARAOTANA ARA-MORALY

Fihetsika miverimberina (ohatra: ompa miverimberina , fifandraisana amin'ny alalan'ny hafatra na telafaonina tsy amin'ny antony, ny fisainana mivaona, ny fampitahorana...) izay mety ahatonga ho an'ireo izay hiarany, fitotonganan'ny fepetra momba ny asany, ny fitotonganan'ny fahasalamany ara-batana sy ara-tsaina, ary mety hanimba ny fivelarany eo amin'ny tontolo arak'asany.

### FANAVAKAVAHANA

izay miavaka nohon'ny fampietrena olona iray nohon'ny antony ara-pinoana, ara-bolokoditra, ara-poko, araky ny firenena nihaviana, ny toerana niaviana, ny fahasalamana, ny kilema, ny sata ara-panambadiana, ny vohoka, ny ara-pananahana, ny maha-lahy ny maha-vavy, ny hevitra ara-politika na filozofika.

## MANOLO-TENA ISIKA MBA HISIAN'NY TONTOLO ARAK'ASA AZO ANTOKA SY ARA-PAHASALAMANA ARY MANAO IZAY FARA HERY MBA AHAZOANA ANTOKA NY FIAROVANA NY MPIARA-MIASA EO AMIN'NY TOERA-PIASANY ARY MITANDRO NY FAHASALAMANY ARA-BATANA SY ARA-TSAINA.





# HAJAO NY **MPIARA-MIASA** AMIN'NY VONDRONA

10

**OHATRA**

Nitotongana ny vokatra tato anatin'ny telo volana roa farany ary lasa be fitakiana ny lehibeko, sosotra ihany koa izy, ary indraindray mandrahona sy manivaiva ny sasany amin'ireo ekipanay izay sahirana amin'ny fanarahana. Te hiresaka aminy momba an'io aho fa matahotra ny ho rahonana ihany koa.

***INONA NO TOKONY HATAOKO?***

Tsy azo ekena ny fihetsika feno habibiana na fandrahonana, na inona na inona antony na ny toerana misy anao na ny olona miresaka aminao ao anatin'ny Vondrona.

**Mitatitra ny toe-javatra rehetra aho, na iharan'ny herisetra mivantana aho na vavolombelona amin'ny fitondran-tena mifanohitra amin'ity fitsipika momba ny fitondran-tena ity, any amin'ny tompon'antoka ara-etika na ny tompon'andraikitra miahy ny maha-olona na manao tatitra mivantana amin'ny sehatra fanaovana tatitra an'ny Vondrona.**

## FOMBA FANAO TSARA

**NY MPIARA-MIASA REHETRA, ARY KOA IREO MPIARA-MIOMBON'ANTOKA ARA-BAROTRA, KANDIDA, ARY IREO OLONA REHETRA MIARA-MIASA AMINTSIKA DIA TOKONY HO RAISINA AM-PAHAMENDREHANA SY AM-PANAJANA.**



**FANAIRANA**

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika na** mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.

MANAJA

Na eo amin'ny sehatry ny asa na ny na ara-barotra, dia manolo-tena ny hampiroborobo sy hamporisika **ny fisotroana zava-pisotro misy alikaola tompon'andraikitra izahay.**

**Misy amin'ireo orinasa sasany ao anatin'ny Vondrona dia mamokatra sy mivarotra zava-pisotro misy alikaola. Noho izany dia adidin'ireo orinasa tsirairay ireo ny manentana ny mpanjifany sy ny mpiara-miasa ao amin'ny vondrona mba ho tompon'andraikitra amin'ny zavatra atao.**

**Ny Vondrona dia miantoka ny tsy hamporisika velively na oviana na oviana ny fisotroana toaka be loatra amin'ny dokam-barotrany ary tsy hampiroborobo velively ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola amin'ny mpanjifa mbola tsy ampy taona.**

Ny mpiara-miasa ao amin'ny Vondrona dia tsy tokony hamela ny alikaola hampisy fiantraikany amin'ny asany sy ny famokarany.



NA IZANY NA TSY IZANY, TSY TOKONY MITONDRA FIARA NA MAMILY FIARA VAVENTY, NA AN'NY ORINASA NA TSIA RAHA TOA KA TRATRA NY TAHAN'NY ALIKAOLA FARANY VOAFETRAN'NY LALANA



MANAJA

# **HAJAO** NY FISOTROANA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA **AMIN'NY FETRA TOKONY HO IZY**

11

Tompon'andraikitra ny tsirairay amin'ny fanjifana sy ny fanajana ny fitsipika, izay tsy maintsy tandrovana na inona na inona toe-javatra.

## OHATRA

Misy hetsika karakarain'ny ekipan'ny varotra manontolo hankalazana ny vokatra tsara isan-taona.

Misy zava-pisotro misy alikaola atolotra.

Ny mpiasa sasany dia misotro be loatra ary miova ny fitondran-tenany, izay miteraka fanehoan-kevitra sy fihetsika tsy mendrika amin'ny mpiara-miasa aminy

### *TANDREMO !*

**Ny fisotroana zava-pisotro misy alikaola dia tsy manamarina ny fitondran-tena mifanohitra amin'ny fitsipika momba ny fitondran-tena, ireo karazana fitsipika anatiny na ny lalàna.**

## FOMBA FANAO TSARA

- **RARANA** mafy ny **MISOTRO ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA** mandritra ny ora fiasana.
- Tsy soso-kevitra ny fisotroana **ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA** be loatra mandritra ny hetsiky ny orinasa.
- **NY FISOTROANA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA MIHOATRA NY FETRAN'NY LALÀNA SY NY FITONDRANA** fiara dia tsy mifanaraka ary mety hampidi-doza ho anao sy ny hafa.



## FANAIRANA

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika na** mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.



TARAFO NY KAODY

TATITRA

MITANTANA

FANATSARANA

Tatero ao anatin'ny **TSIAMBARATELO** izay fihetsika mandika ny fitsipika momba ny fitondran-tena, ireo fitsipika anatiny na ny lalàna.







# IV MITANTANA

MITANTANA

## Tsy manolotra na mandray **fanomezana na fanasana izahay** raha tsy ao anatin'ny hetsika ara-barotra, rehefa tsy atao ho **fomba fitaoman tsy ara-drariny izany .**



**Ny fihazonana ny fifandraisana tsara amin'ny mpiara-miombon'antoka sy ny mpandray anjara amintsika dia miseho amin'ny alalan'ny fanomezana sy ny fanasana, ary ekena fa amin'ny karazana vanim-potoana, ny fanomezana dia azo raisina na heverina ho fomba iray hampisy fiantraikany amin'ny fanapahan-kevitra na ny fanaovana kolikoly.**
**Noho izany, ny mpiasa rehetra dia tsy maintsy miantoka fa mahafantatra sy mampihatra ny fitsipika amin'ity sehatra ity.**

### INONA NO ATAO HOE FANOMEZANA?

Ireo endrika rehetra mampiseho fahafaham-po, tombony, fanomezana atolotra na raisina eo amin'ny sehatry ny tontolo arak'asa ary indrindra eo amin'ny fifandraisana amin'ny fandraharahana na amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra isan-karazany.

### INONA NO ATAO HOE FANASANA?

Ny karazana hetsika ara-tsosialy rehetra, fialamboly, fitsangatsanganana, trano fandraisam-bahiny na sakafo, atolotra na raisina eo amin'ny sehatry ny fandraharahana amin'ny fifandraisana ara-barotra na amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra isan-karazany.

**Oviana no tsy maintsy manoratra ny fanomezana na ny fanasana ao amin'ny rejisitra voatokana amin'izany?**

Ny fanomezana sy ny fanasana voaray na atolotra dia tsy maintsy raketina raha toa ka mihoatra ny fetra voafaritry ny fitsipika anatiny.

TANDREMO

**Voarara mafy ny fanomezana sasany ary tsy tokony hatolotra na ekena noho ny loza mety aterak'izany. Voazava amin'ny antsipiriany araka ny fomba azo ampiharana azy izy ireo.**

## NY FIFANDRAISANA AMIN'NY TOMPON'ANDRAIKITRA ARA-PANJAKANA SY NY MPIASAM-PANJAKANA DIA TOKONY HANANANA FAHAMAILONA MANOKANA.



MITANTANA

# IREO FANOMEZANA SY IREO FANASANA

12

OHATRA

Mahazo fanomezana raitra avy amin'ny mpanjifa aho mandritry ny fifampiraharahana isan-taona. Ho takalon'izany dia mangataka ahy izy mba hanome azy fihenam-bidy miavaka amin'ireo vidin-javatra.

**Tokony hanaiky ve aho?**

***TSIA***

Mandritry ny fifampiraharahana dia **voarara tanteraka** ny mandray fanomezana na fanasana avy amin'ny olon-kafa izay misy ny fifampiraharahana. Ankoatr'izay, ny maha-raitra ny fanomezana dia tokony hahamailo mafy ahy momba ny fikasan'ny mpanjifa.

Te hanome ahy karatra fanomezana ho an'ny fialan-tsasatra faran'ny taona ny mpamatsy ahy.

**Afaka manaiky ny fanasana ve aho?**

***TSIA***

Toy ny vola be ny karatra fanomezana.

## FOMBA FANAO TSARA

**MITANDRINA** aho:
amin'ny karazana fanomezana
amin'ny sandan'ny fanomezana
amin'ny antony sy amin'ny fotoana hanolorana na handraisana azy
amin'ny olona mandefa na mandray izany

**RAKETINA AN-TSORATRA NY FANOMEZANA** na fanasana araka ny fitsipika voafaritra.

**RAHA MISY FISALASALANA, DIA ALEO LAVINA NY FANOMEZANA NA NY FANASANA.**




FANAIRANA

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika na** mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.

MITANTANA

**Ny fifanoheran-tombontsoa dia tsy midika ho toe-javatra mifanohitra amin'ny Fitsipika momba ny fitondran-tena.** Kanefa, ny tsy fanambarana izany, na mampisy fiantraikany amin'ny fanapahan-kevitra, dia mety azo hanasaziana.



**Misy ny fifanoheran-tombontsoa rehefa misy ny fifanoherana eo amin'ny tombontsoan'ny orinasa sy ny tombontsoa manokana, ara-pianakaviana, ara-politika, ara-bola na zavatra hafa izay mifampiditra amin'ny asan'ny mpiara-miasa ary manakana ny fahafahany mandray fanapahan-kevitra tsara indrindra ho an'ny tombontsoan'ny Vondrona.**

**Ireto toe-javatra manaraka ireto dia mety miteraka fifanoheran-tombontsoa:**

Rehefa ny fanapahan-kevitra arak'asa mety hisy fiantraikany na maneho endrika misy fiantraikany nohon'ny tombontsoa manokana, ny fifandraisan'ny fianakaviana na ny fifandraisana amin'ny maha-mpinamana.

Rehefa misy fifandraisana amin'ny mpanjifa na mpamatsy dia mety hisy fiantraikany na maneho endrika misy fiantraikany amin'ny tsy fivadihan'ny mpiara-miasa amin'ny Vondrona na ny fahafahany mandray fanapahan-kevitra matihanina ho tombontsoan'ny Vondrona.

Rehefa mety hitondra tombontsoa manokana ho an'ny mpiara-miasa ny fampiasana ny fananan'ny Vondrona na ny vaovao azony nandritra ny asa aman-draharahany na hitondra iray ho an'ny iray amin'ireo akaiky azy.

**Ao anatin'ny andraikitry ny asany, ny mpiasa tsirairay dia tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra ho an'ny tombontsoan'ny Vondrona ao anatin'ny fahaleovantenany tanteraka ary tsy miankina amin'ny tombontsoany manokana. Noho izany, ny tombontsoa manokana dia tsy tokony hifangaro amin'ny fahafahan'ny mpiara-miasa hiasa ho an'ny tombontsoan'ny Vondrona.**

## ANDRAIKITRY NY MPIASAN'NY VONDRONA TSIRAIRAY AVY NY MANAMBARA IZAY METY HO FIFANOHERAN-TOMBONTSOA AMIN'IZAY METY HIDIRAN'IZY IREO.

Hapetraka ny fepetra hanalefahana ny tena na mety ho vokany na hampanjavona azy.

TANDREMO

**Fanitsakitsahana ny fitsipika momba ny fitondran-tena ny tsy fanaovana fanambarana fifanoheran-tombontsoa amin'ny fotoana ilain'ny vondrona azy.**



MITANTANA

# FITANTANANA **NY FIFANOHERANA AMIN'NY TOMBONTSOA**

13

Raha ao anatin'ny fifanoheran-tombontsoa izaho, dia tokony manao fanambarana an-tserasera amin'ny alàlan'ny fitarafana ny kaody QR. Raha tsy afaka atao izany dia azoko atao ny manambara izany amin'ny tompon'antoka etika, na amin'ny lehibeko haingana araka izay tratra.

## FOMBA FANAO TSARA

**AZA AVELA NY TOMBONTSOA MANOKANA HANERY NY FANAPAHAN-KEVITRAO.**


**MANDRAISA HATRANY FANAPAHAN-KEVITRA HO AN'NY TOMBONTSOAN'NY ORINASA, AMIN'NY FOMBA TSY MIANKINA SY TSY MIANGATRA.**

OHATRA

Ny iray amin'ireo mpamatsy nodinihina tamin'ny tolo-bidy nataoko dia orinasa iray misy ny rahalahiko.

**Inona no tokony hataoko?**

- **Ambarako avy hatrany amin'ny tompon'antoka etika eo an-toerana io fifanoheran-tombontsoa io, amin'ny lehibeko na amin'ny sehatra an-tserasera.**
- **Tsy mandray fanapahan-kevitra aho mandra-pandinihany ny toe-javatra misy ahy.**
- **Araka ny fepetra fitantanana noraisin'ny Komitin'ny Etika sy ny lehibeko, dia tsy omeko amin'ny iray amin'ireo mpiara-miasa amiko ny fifantenana ny mpamatsy ary hiala amin'ny dingana izaho.**



FANAIRANA

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika na** mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.

MITANTANA

**Irinay ny mizara ny soatoavinay** amin'ny alàlan'ny fampiasam-bola amin'ny **asa fiantrana, fiahiana na fanohanana tsy misy tambiny** ary manaja ny fanoloran-tena noraisina tao amin'ny fitsipika momba ny fitondran-tena.

**Ny hetsika fiahiana dia ny fanohanana ara-pitaovana, tsy misy tambiny mivantana avy amin'ny mpahazo tombontsoa, ny asa na ny fikambanana iray amin'ny fanatanterahana asa mahasoa amin'ny ankapobeny.**

**Ny fikarohana sy fanamarinana** dia ahafahana manamarina ny lazan'ny fikambanana mahazo tombony sy ny fahamarinany. Ilaina ihany koa amin'io fotoana io ny fijerena ny toerana alehan'ny vola natolotra ho anisan'ny hetsika fanohanana.



TANDREMO

**Na ahoana na ahoana, ny hetsika fanohanana ara-bola dia tsy azo avadika sy/na ampiasaina hanafenana ireo fanao tsy ara-dalàna izay mety ho mahafeno fepetra ho kolikoly na fanerena an-kolaka.**

## NY FANAOVANA ASA SOA DIA TSY MAINTSY VOAFEHY MBA HIALANA AMIN'NY LOZA MITATAO, INDRINDRA AMIN'NY FANAOVAN-TSONIA FIFANARAHANA RAHA FANDRAISANA ANJARA ARA-BOLA.



MITANTANA

# FITANTANANA NY **FANAOVANA ASA SOA**

14

OHATRA

Ny fitantanana ny tanàna izay mifandray amin'ny orinasa matetika mba hahazoana fahazoan-dalana dia mangataka fanomezana ho an'ny fikambanana mpiaro ny tontolo iainana tantanin'ny ben'ny tanàna, izay nanao ny fangatahana.

**Tokony hanaiky ve aho?**


***TSIA***

Tsy maintsy mandà izay fangatahana mety hanery olona eo amin'ny fanjakana, indrindra raha eo am-piandrasana fahazoan-dàlana na maniry ny hangataka izany tsy ho ela.

## FOMBA FANAO TSARA

Manontany tena tsara aho:

- **IZA NO HAHAZO TOMBONTSOA AMIN'NY HETSIKA?**
- **NATAO VE NY FAMOTORANA MOMBA NY FIKAROAHANA SY FANAMARINANA?**
- **NISY FANAOVAN-TSONIA NAMPATSIAHY NY HEVI-DEHIBE MOMBA NY FITSIPIKA MOMBA NY FITONDRAN-TENA SY NY ADIDY ATERANY VE?**



FANAIRANA

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny Tompon'antoka etika na** mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.

MITANTANA

Andrasantsika amin'**ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra amintsika ny fizarany ny fenitry ny fitondran-tenantsika,** araka ny voafaritra ao amin'ny Fitsipi-pitondran-tenantsika, ary hanekeny **hanaja ny lalàna sy fitsipika** mihatra amin'ny asa ataony ho antsika.

**Ny mpiara-miombon'antoka ara-barotra dia manaiky amin'ny alalan'ny soniany hanaja ny foto-keviny.**



Ny fihetsika ataon'ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra amintsika dia mamehy antsika. Izany no antony tokony hijerentsika manokana ny fanapahan-kevitra raisina ao anatin'ny fifandraisana ara-barotra hoe manaja tokoa ny foto-kevitr'ity fitsipika ity.

### MBA HAMERANA NY LOZA METY HITRANGA DIA ILAINA NY FAMOTORANA MOMBA NY FAHAZOTOANA!

Alohan'ny hidirana amin'ny fifandraisana ara-barotra, na koa mandritra izany, ireo famotorana momba ny fahazotoana, dia mikendry ny hamantatra mialoha ny loza mety hitranga amin'ny mpiara-miombon'antoka ara-barotra, ary noho izany ny mba hanaovana safidy tsara.
Izany rehetra izany dia ao anatin'ny dingana fifantenana sy fanaraha-maso.

### AHOANA NO HAHALALANA RAHA AFAKA MIARA-MIASA AMIN'NY MPIARA-MIOMBON'ANTOKA ARA-BAROTRA IANAO?

Ny famotorana momba ny fahazotoana dia hahafahana mamakafaka ny mety ho loza mitatao amin'izay mety ho mpiara-miombon'antoka ara-barotra. Rehefa mamantatra ny loza mety hitranga ny famotorana momba ny fahazotoana, dia azo ahena amin'ny ankapobeny izany amin'ny alalan'ny fampiharana drafitr'asa, hahafahana mieritreritra ny fifandraisana amin'ny mpiara-miombon'antoka ara-barotra.

**NY TSY FAHAMPIAN'NY FIARAHA-MIASA, NY LAZA RATSY ARY NY TSY FAHAMPIAN'NY MANGARAHARA DIA MITAKY FAHAMAILONA !**



MITANTANA

## FITANTANANA NY FANOLORAN-TENAN'IREO MPIARA-MIOMBON'ANTOKA ARA-BAROTRA

15

**Nanolo-tena amin'ny alàlan'ny Fitsipika isika mba hanaja ny fenitra ambony indrindra amin'ny lafiny ara-etika ary manantena ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra amintsika mba hanao toy izany koa.**

OHATRA

Nandritra ny famotorana momba ny fahazotoana, dia nahatsikaritra izaho fa ny PDG an'ilay mpiara-miombon'antoka ara-barotra izay mety hifanaraka amiko dia efa voaheloka noho ny kolikoly.

**Azoko atao ve ny hiara-miasa aminy?**

**Raha misy tranga mety hampidi-doza hita nandritry ny famotorana momba ny fahazotoana, tokony hanontaniana ny hevitry ny Komity Etika araka ny fomba fiasa anatiny.**

## FOMBA FANAO TSARA

Manontany tena tsara aho:

- **TENA ILAIN'NY ORINASA VE ITY MPIARA-MIOMBON'ANTOKA ARA-BAROTRA ITY?**
- **NISY FAMOTORANA MOMBA NY FIKAROHANA SY FANAMARINANA VE** natao talohan'ny fifanarahana?
- **NISY FANAOVAN-TSONIA FIFANARAHANA VE ITY FITSIPIKA MOMBA NY FITONDRAN-TENA ITY?**



FANAIRANA

Raha manana fisalasalana na fanontaniana aho **dia mifandray amin'ny tompon'antoka etika na** mijery ireo karazana fitsipika anatiny azo ampiharina.




Tatero anaty **TSIAMBARATELO** izay fihetsika mandika ny fitsipi-pitondran-tena, ireo fitsipika anatiny na ny lalàna.

FANAIRANA

# RAFITRA FANAIRANA

Nametraka **rafitra fanairana hahafahana** mitatitra **ao anatin'ny tsiambaratelo** izay fihetsika mety handika ny fitsipi-pitondran-tena, ireo fitsipika anatiny na ny lalàna. Izy io koa dia hahafahan'ny olona rehetra mitatitra izay fanitsakitsahana ny zo fototra maha-olona sy ny fahalalahana fototra, ny tontolo iainana, ny fahasalamana ary ny filaminana.

## INONA NO HANAOVANA FANAIRANA?

**NY FANDIKANA NY FITSIPIKA MOMBA NY FITONDRAN-TENA**

**NY FANDIKANA IREO FITSIPIKA ANATINY**

**NY FANDIKAN-DALANA**

## OHATRA

- KOLIKOLY, FANERENA AN-KOLAKA
- HOSOKA
- FANITSAKITSAHANA MAFY NY ZO FOTOTRA MAHA-OLONA SY NY FAHALALAHANA FOTOTRA, NY FAHASALAMANA SY NY FIAROVANA NY OLONA ARY NY TONTOLO IAINANA.

## AHOANA NO ATAO?

Mba hanaovana tatitra, ny mpiara-miasa ao amin'ny Vondrona rehetra na olona ivelany dia afaka mampiasa ireto lalana manaraka ireto amin'ny ambaratonga rehetra ato amin'ny orinasa:

**RAFITRA NATAO MANOKANA**

**KOMITY ETIKA NA TOMPON'ANTOKA ETIKA**

**TOMPON'ANTOKA RSE**

## MISY MAMPISALASALA

**RAHA MISY MAMPISALASALA, AZA MIAHOTRA NY MANAO FANAIRANA NA MIRESAKA AMIN'IREO TOMPON'ANTOKA ETIKA NA AMIN'NY KOMITY ETIKA.**

# FAMARITANA

| | |
|---|---|
| **Mpiara-miasa:** | Izay tompon'andraikitra amin'ny orinasa, mpiasa, mpiasa vonjimaika, mpitantana tsy mandray karama ary mpiasan'ny fianarana amin'ny asa ary koa mpiasa ao amin'ny vondron'orinasa dia heverina ho "mpiasa". |
| **Komitin'ny etika:** | Sampana eo anivon'ny orinasa izay mametraka sy mitantana ny pôlitika etika sy ny fanarahan-dalàna ataon'ny orinasa, izay mifanaraka amin'ny politika anatiny azo ampiharina. |
| **Mpiasam-panjakana:** | Ny teny hoe "mpiasam-panjakana" dia manondro mpiasa iray miasa amin'ny iray amin'ireo andrim-panjakana eto ambany:<br>• fitantanan-draharaha (minisitera, tafika, ladoany, polisy, fitsarana, fitantanan-ketra, masoivoho, ny mifandraika aminy, sns.),<br>• andrim-panjakana eo an-toerana (banky foibe, orinasam-panjakana, hopitalim-panjakana, sns.),<br>• mpitsara<br>• fitantanan-draharaha iraisam-pirenena (Banky Foiben'ny Firenena ao Afrika Andrefana, sns.),<br>• andrim-panjakana iraisam-pirenena (Banky Iraisam-pirenena, ONU, OMS, sns.).<br>Izay olona manana fahefana eo an-toerana, isam-paritra, nasionaly na supranationaly dia raisina ho mpiasam-panjakana ihany koa (ohatra ny ben'ny tanàna, ny solombavambahoaka, ny loholona, ny mpanolotsaina monisipaly, ny parlemantera, sns.). |
| **Vondrona:** | Ny teny hoe "Vondrona" dia manondro ny orinasa DF Holding SA sy ireo sampana rehetra ao aminy. |
| **Mpiara-miombon'antoka ara-barotra:** | Izay mpanjifan'ny Vondrona, mpamatsy na mpanelanelana (mpanome tolotra, mpiasa, mpanolo-tsaina, sns.) dia heverina ho "Mpiara-miombon'antoka ara-barotra". |
| **Olona mibaribary ara-politika (PEP):** | Izay olona manana andraikitra ara-politika, na nijanona herintaona latsaka tamin'ny andraikitra ara-politika, ara-pitsarana, ara-panjakana ho an'ny firenena na fikambanana iraisam-pirenena ara-panjakana. |
| **Responsable Tompon'antoka Etika:** | Ny Tompon'antoka Etika dia ireo mpiasa voatendry ho an'ny orinasa tsirairay ao amin'ny Vondrona mba hanampy ny mpiara-miasa amin'ny fanazavana ireo tsy maintsy arahina ao anatin'ny fitsipika na hiteny ny fitsipika tokony arahina araka ny tokony ho izy. |

Famoronana sy fametrahana ny fitsipi-pitondrantena: AGENCE DUWOOD



CASTEL
AFRIQUE

CASTEL
FAMILIAL & INTERNATIONAL



somdia
Grandir ensemble



MG